



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

VP azoma 31 jolay 2020

Ilay vehivavy nijangajanga
Jaona 7.53 – 8.1-11

Mitarika : Pst Hanitra Raobinarison

Amin'ny Anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina, Amen !

Fiarahabàna :

Hira : 210 and 1 « Zava-tsoa tokoa ny fitsipikao »

Vavaka :

Vakiteny 1 Jaona 7.53 – 8.2

53 Dia samy lasa nody ho any an-tranony avy izy rehetra; 8:1 fa Jesosy kosa nankany an-Tendrombohitra Oliva.2 Ary nony maraina koa dia nankeo an-kianjan' ny tempoly indray Jesosy, ary ny vahoaka rehetra nanatona Azy, dia nipetraka Izy ka nampianatra azy.

Hira : 210 and 2 « Maizina izahay, kely fantatray »

Vavaka Isan-tokan-trano :

Hivavaka isika, tsy ho variana amin'ny faihiahian'izao fiainana izao, fa hifidy ny anjara tsara isan'andro, hanokana fotoana, raha azo atao, vao maraina, hitokana hivavaka sy hizara, andinika ny Tenin'Andriamanitra, eo anivon'ny ankohonantsika.

Hivavaka isika hazoto hianatra na hamonjy ireny fampianarana Soratra Masina karakarain'ny Fiangonana ireny.

Hivavaka isika ho an'ny Mpitandrina hanomezan'ny Fanahy Masina azy, ny Teny saha, amahanana ny ondrin'Andriamanitra amin'ny fitoriana sy fampianarana ny Soratra Masina.

Mamarana ny vavaka ny Mpitandrina.

Vakiteny 2 Jaona 8.3 – 6a

3 Ary nisy vehivavy anankiray azo nijangajanga nentin' ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo; ary rehefa napetrany teo afovoany izy,4 dia hoy ireo taminy: Mpampianatra ô, ity vehivavy ity azo olan-tanana nijangajanga.5 Ary ao amin' ny lalàna Mosesy dia nandidy antsika fa hotoraham-bato izay vehivavy manao toy izany; fa ahoana kosa hoy Hianao? 6a Izany no nolazainy hakany fanahy Azy, mba hahazoany izay hiampangany Azy.

Hira 210 and 3 « Raha alaim-panahy itony zanakao »

Vavaka Isan-tokan-trano :

Samy handini-tena eo antrehan'izany Tenin'Andriamanitra izany isika ry havana ka samy hivavaka mangina ao am-pony, hifona sy hibebaka amin'i Jesosy Tompo, raha sanatria ka misy latsaka anaty fijangajangana, na mijangajanga ao am-pony araka ny Tenin'i Jesosy. Sao sanatria tratran'ny masirasiran'ny Fariseo sy mpanora-dalàna ny fonsika. Manome toky Jesosy hoe : « **tsy avy**

hiantso ny marina Aho, fa ny mpanota mba hibebaka. » (Lio 5.32) « Koa raha ny Zanaka no hahafaka anareo, dia ho afaka tokoa hianareo. » (Jn 8.36). Manome toky ny Tenin'Andriamanitra fa « Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina Izy ka mamela ny fahotantsika sy manadio antsika ho afaka amin' ny tsi-fahamarinana rehetra. » (1Jn 1.9).

Hivavaka ho antsika sy ny ankohonantsika isika ary ho an'ny Kristianina rehetra ho arovan'ny Tompo amin'ny fijangajangana sy ny masirasiran'ny Fariseo sy ny Mpanora-dalàna. Ary raha misy olona fantatsika, latsaka, voafatotra amin'ny fijangajangana dia hitaraina andro aman'alina amin'ny Tompo isika, hangataka ny famonjena, hanafahan'ny Tompo azy.

Mamarana ny vavaka ny Mpitandrina

Vakiteny 3 Jaona 8.6b – 9

6b Fa Jesosy niondrika ka nanoratra teo amin' ny tany tamin' ny rantsan-tànany.7 Ary raha naharitra nanontany Azy ireo, dia nitraka Izy ka nanao taminy hoe: Izay tsy nanota eo aminareo no aoka hitora-bato azy voalohany.8 Dia niondrika indray Izy ka nanoratra teo amin' ny tany tamin' ny rantsan-tànany.9 Ary raha nandre izany izy, dia nivoaka tsirairay hatramin' ny zokinjokiny ka hatramin' ny zandrinjandry; ary Jesosy irery ihany no sisa teo sy ilay vehivavy teo.

Hira 210 and 4 « *Fifalianay, odi-tahotray* »

Vavaka Isan-tokan-trano :

Hivavaka isika tsy ho maimaika hitsara sy hiampanga ary hiraharaha ny an'ny hafa, fa handinika ny tenantsika aloha Hivavaka isika tsy hanao fijery na fitondra mitongilana eo amin'ny ankohonantsika, eo amin'ny andraikitsika, eo amin'ny fanompoantsika, ary hanaiky ho tarihin'ny Fanahin'Andriamanitra lalandava, dia ny Fanahin' ny fahendrena sy ny fahazavan-tsaina; Ny Fanahin' ny fanoloran-tsaina sy ny faherezana; Ny Fanahin' ny fahalalana sy ny fahatahorana an'i Jehovah. Hivavaka isika ho an'ny mpitondra fanjakana sy ny manam-pahefana rehetra na eto amin'ity firenena mandray antsika ity sy ny any Madagasikara firenentsika, mba hisy tahotra an'Andriamanitra ka hitsara marina ary tsy hisy mizàna mitongilana.
Mamarana ny vavaka ny Mpitandrina

Vakiteny 4 **Jaona 8.10 – 11**

10 Ary rehefa nitraka Jesosy, dia hoy izy taminy; Ravehivavy, aiza ireny? Tsy nisy nanameloka anao va? 11 Ary hoy izy: Tsy misy, Tompoko. Dia hoy Jesosy: Izaho koa dia tsy manameloka anao; mandehana, ary amin' izao sisa izao dia aza manota intsony.

Hira 210 and 5 « *Ry Jesosy ô, Mpampianatray* »

Vavaka Isan-tokan-trano

Hivavaka isika tsy ho mpanamarin-tena, fa hahay hanetri-tena hiaiky ny fahadisoantsika ary hamela-ny heloky ny namantsika, tahaka ny namelan'ny Tompo ny fahotantsika. Hivavaka isika mba hizotra sy hitombo bebe kokoa isan'andro amin'izany fiainam-pahadiovana, fiainam-pahamasinana izany. Fa fahasoavana no namonjena antsika noho ny fitiavan'Andriamanitra. Ary ny ràni Jesosy Kristy Zanany no nanavotana antsika. Hivavaka isika mba handeha mendrik'izany fitiavan'Andriamanitra izany. Mendrika ny maha-zanak'Andriamanitra antsika izany. Hangataka ny famindram-pon'ny Tompo isika mba hamongorany izao aretin-dratsy mbola, mandrahona antsika izao sy hiarovany antsika amin'izany. Mba hitahian'ny Tompo ny fikarohana rehetra handresena izany. Mametraka amin'ny Tompo ny marary rehetra sy ny mpitsabo. Mba ho ampiononin'ny Tompo ireo izay nisaraka tamin'ny havan-tiana noho ny fahafatesana. Tsaroantsika manokana ny any Madagasikara. Ny amin'izany. Hivavaka ho an'ny mpitondra fanjakana koa isika, ny mba hanoloran'ny Tompo saina azy ireo, entina miatrika ny fahasahiranana ara-toekarena vokat'izao pandemie izao na ny eto amin'ny toerana misy antsika na ny amin'ny firenentsika. Sy izay vavaka manery ny fantsika ankoatra ireo voalaza ireo
Mamarana ny vavaka ny Mpitandrina

Hitsangana isika handray ny tsodrano tononina amin'ny Anaran'i Jesosy Tompo.

Tsodrano

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo

Hampampirapiratra ny tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantrara anareo;

Hanandratra ny tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo fiadanana. Amen !

Mandehana amin'ny fiadanan'i Jesosy Tompo